## NY TENY FIAINANA

*"Ary miakanjo akanjo voafafy rà Izy; ary ny anarany atao hoe: Ny tenin'Andriamanitra."*

***Apokalypsy 19:13***

**Tournoi Basket FIBA 3x3 Game On**

# Any Toamasina amin'ny sabotsy sy alahady izao

Ho tanterahina eo amin'ny amin'ny kianja « terrain spécial 3x3 » eo amin'ny Esplanade anoloan'ny Lapan'ny Tanànan'i Toamasina Faritra Atsinanana amin'ny sabotsy 11 sy alahady 12 novambra 2023 izao ny hetsika basikety « Tournoi FIBA 3x3 Game On " izay ho eo ambany fiahian'ny FMBB “Fédération Malagasy de Basket Ball” ary ho karakarain'ny ligim-paritry ny basikety baolina Atsinanana miaraka amin'ny Kaominina andrenivohitr'i Toamasina sy ho tohanana'ny Telma Madagascar sy MVola. Natokana hoan'ny sokajy U17 Zatovolahy sy OPEN Lahy sy OPEN Vavy Ary Vétéran Lahy sy Vétéran Vavy izy ity izay hiaraka amin'ny fanetsiketsehana samihafa, varotra fampirantiana sy « Concours Dunk » ary « Shoot...Shows ». Afaka miantso ny laharana 034 26 385 23 ( Azzedine ) izay liana handray anjara amin'ny hetsika.



*Basikety 3x3 Malagasy.*

***Rainilita***

**Ekipam-pokontany Fc Copain Alarobia**

# Mankalaza ny faha-18 taona niorenany

Mankalaza ny faha-18 taona niorenany amin'ity taona ity ny ekipam-pokontanin'ny baolina kitra Fc Copain Alarobia izay efa namoaka sangany amin'ny baolina kitra hatrany ampitan-dranomasina any ka manerana an'ireo ekipa sangany eto amin'ny nosy. Nambarandry zareo tamin'ny alalan'ny valan-dresaka hoan'ny mpanao gazety nataony teny amin'ny foiben' ny Airtel eny Alarobia/ Ivandry tamin'ny talata 06 novambra teo fa hikarakara lalao baolina kitra ho lalaovin'olona 7 « Tournoi Open » sokajy sénior eny amin'ny kianjan' ny « Travaux publiques Alarobia » isaky ny alahady amin'ny 7 ora maraina ka hatramin'ny 4 ora tolakandro manomboka amin'ny . alahady 12 novambra ho avy izao ka tsy hifarana raha tsy any amin' ny volana janoary 2024. Hiara-misalahy amin'izy ireo amin'ny fikarakarana an' ity hetsika ity ny orinasa Airtel Madagascar izay niaraka tamin'izy ireo teo amin' ity valandresaka ity ka hanolotra amboara hoan'iroe ekipa hanao ny lalao famaranana ary hanome Tee-shirt ihany koa. Mbola hisy ihany koa omby tena mifahy hatolotra izay ekipa ho mpandresy amin' io famaranana io ary ondry kosa hoan'ny ekipa resy. Vinavinain'ny Fc Copain hatrany amin' ny ekipa mahatratra 64 isa manerana an'Antananarivo sy ny manodidina no handray anjara amin' ity fifaninanana ity ka ny antsasa-manila no efa feno hatramin'izao . Nambaran' Atoa Rakotondramiara Hasina, filoha amperisan'ny Fc Copain fa ho 10.000 ar ny « droit d'engagement » amin'ity fifaninanana ity ary hisy koa fandoavana « droit de match » isaky ny milalao.



*Fc Copain sy Airtel teny Alarobia/Ivandry.*

***Rainilita***

**Karaté-do**

# Tafatsangana tamin'ny fomba ofisialy ny ligim-paritra Menabe



*Fananganana ligim-paritry ny karaté tany Menabe.*

Tafatsangana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny zoma 03 novambra 2023 lasa teo, ny Ligim-paritry ny taranja Karaté-do any Menabe, izay ho tarihan'Andriamatoa Rafidison Fidèle. Nitarika ny lanonana tsotra fanokafana an'izany ny filohan' ny FMK notrononin'ny solontenan'ny MJS. Tao anatin'izany lanonana izany dia nisy ny fanomezana fiofanana an'ireo mpiangaly karaté nomen' ireo mpampiofana maro, niaraka tamin'ny filohan'ny federasiona mba hoentina hampiakarana ny lentan'ity taranja ity eny ifotony.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy anandrano** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na saosisy vita amin'ny omby na henakisoa. Atao ritra izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly ho fisorohana ny tsy fahitan-tory

Fomba natoraly ho fisorohana ny tsy fahitan-tory indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny tsy fahampian'ny calcium sy magnésium amin'ny vatana dia miteraka tsy fahitana torimaso matetika. Indraindray ihany koa volivoly na rantsan-tanana na ny tongotra.

Zavatra atao :

Akondro : akondro iray mavo tsara tetehina boribory dia alona anaty rano 1vera amin'ny alina ary ny maraina sotroina, ilay vao mifoha iny mihitsy. Atao mandritra ny 10 andro.

Ao ihany koa ny hoditr'akondro 1, ampangotrahina amin'ny rano roa vera izy dia sotroina ilay rano alohan'ny hatory mihitsy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antenina distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Antenina distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antenina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny soanambo. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina any Antenina.

